***Ataovy manakoako ny hoby
Derao Andriamanitra, ry tany tontolo
Ihirao voninahitry ny anarany
Tolory fanompoana, fiderana azy ny Tompo (indroa)***

***Lazao izy mihira hoe :*
***Lehibe, mahatahotra ny asa vitanao,
Andriamanitra!***
***Lazao izy mihira hoe :*
***Reo fahavalonao miaiky
Ny herinao miezinezina!*******

***Lazao izy hihira hoe:*
Ny tany tontolo miankohoka anoloanao!
***Lazao izy mihira hoe:*
***Mihira ho anao izao tontolo izao!
Mihira miantsa ny anaranao (indroa)*******

1- Avia ianareo mba higaga ny asan'ny Tompo,
Mampihoron-koditra ny olombelona ny vitany!
Izy nanova ny ranomasina ho tany maina,
Afa-niampita ny onibe 'reto tongotray!
Teo izahay no nanao lanonana ho azy. (indroa)

2 – Mahery izy moa, tsiy fetra ny fahamboniany,
Hanara-maso ny firenena rehetra.
Ka aoka tsy hidingin-drambo ireo mpikomy,
Ankalazao ny Tompo, ô ry vahoaka!
Aoka hanakoako ny antsa ho Azy (indroa)

3 – 'Lay Andriamanitra mpamelona aina anay,
Tsy mba mamela ny tongotray ho solafaka,
Fa nosedrainao izahay toy ny volafotsy, ry Tompo ô
Tianao ho nandalo fitsapana ny dianay
Torotoro ary valalanina izahay e. (indroa)

Fifonana: Mifona aho re, mivalo aho (Dera p.61)

***Mifona aho re
mivalo aho
mamelà ny heloko,
Safo-kenatra aho
raha mijery Anao,
Mamela ny heloko, Tompo ô.***

1. Teo Aminao aho, Tompo ô,
Namadika ny dina ka mifona re.

2. Esory Tompo, 'ty otako
F'efa mitalaho an-tongotrao.

3. Ontsan'alahelo ny fanahiko,
Raha tsy esorinao ny otako.

Voninahitra: Voninahitra ho an'Andriamanitra

***Voninahitra ho an'Andriamanitra
Fiadanana ho antsika olombelona
Nanehoany ilay fitiavana,
Fitiavana mandrakizay***

1. Midera sy mankalaza anao 'zahay
Ry Tompo Andriamanitra ô,
Mitsaoka sy mihoby anao 'zahay,
Misaotra anao izahay.

2. Ry Zanak'ondrin'Andriamanitra ô,
Ry Tompo Andriamanitra ô,
Manala ny fahotan'ny olona,
Afaho ny helokay.

3. Ianao irery no avo indrindra,
Ry Tompo Andriamanitra ô,
Ny haja sy ny voninahitra
Ho anao mandrakizay



Première lecture:

« *Dans cette ville j'ai pour moi un peuple nombreux* » (Ac 18, 9-18)

À Corinthe, une nuit, le Seigneur dit à Paul dans une vision : « Sois sans crainte : parle, ne garde pas le silence.

Je suis avec toi, et personne ne s'en prendra à toi pour te maltraiter, car dans cette ville j'ai pour moi un peuple nombreux. » Paul y séjourna un an et demi et il enseignait parmi les Corinthiens la parole de Dieu.

Sous le proconsulat de Gallion en Grèce, les Juifs, unanimes, se dressèrent contre Paul et l'amènèrent devant le tribunal, en disant : « La manière dont cet individu incite les gens à adorer le Dieu unique est contraire à la loi. » Au moment où Paul allait ouvrir la bouche, Gallion déclara aux Juifs : « S'il s'agissait d'un délit ou d'un méfait grave, je recevrais votre plainte à vous, Juifs, comme il se doit. Mais s'il s'agit de débats sur des mots, sur des noms et sur la Loi qui vous est propre, cela vous regarde. Être juge en ces affaires, moi je m'y refuse. » Et il les chassa du tribunal. Tous alors se saisirent de Sosthène, chef de synagogue, et se mirent à le frapper devant le tribunal, tandis que Gallion restait complètement indifférent. Paul demeura encore assez longtemps à Corinthe. Puis il fit ses adieux aux frères et s'embarqua pour la Syrie, accompagné de Priscille et d'Aquila. À Cenchrées, il s'était fait raser la tête, car le vœu qui le liait avait pris fin.

Salamo: Ankalazao ny Tompo (Hasina p. 241) (Vakiana ny Salamo 46)

***Fiv: Ankalazao ny Tompo, fa tsara fo ny Tompo:
Satria mandrakizay e - ny famindrany fo!***

Aleloia: Aleloia, resy ny fahafatesana

Aleloia resy o resy ny fahafatesana ô ô

I Kristy no nandresy ny fahafatesana

Aleloia a, aleloia a a, aleloia a, Aleloia

Evangile:

« *Votre joie, personne ne vous l'enlèvera* » (Jn 16, 20-23a)

Alléluia. Alléluia.

Le Christ devait souffrir et ressusciter d'entre les morts pour entrer dans la gloire. Alléluia. (cf. Lc 24, 46.26)

“En ce temps-là, Jésus disait à ses disciples : « Amen, amen, je vous le dis : vous allez pleurer et vous lamenter, tandis que le monde se réjouira ; vous serez dans la peine, mais votre peine se changera en joie. La femme qui enfante est dans la peine parce que son heure est arrivée. Mais, quand l'enfant est né, elle ne se souvient plus de sa souffrance, tout heureuse qu'un être humain soit venu au monde. Vous aussi, maintenant, vous êtes dans la peine, mais je vous reverrai, et votre cœur se réjouira ; et votre joie, personne ne vous l'enlèvera. En ce jour-là, vous ne me poserez plus de questions. “



Ranombavaka: Ambarao anay ny sitrakao, ry Ray

Ambarao anay ny sitrakao, ry Ray, hotanterahinay.

Rakitra:

Homeko ny herin'ny Fanahy ianareo (Hasina p.237)

Homeko ny herin'ny Fanahy ianareo

Ka ho vavolombeloko hatrany am-para-vazan-tany

Ho vavolombeloko. (Asa. 1, 8)

1- Ihirao antsa vao ny Tompo

Fa mahagaga ny zava-bitany !

Fa ny tãnany no namonjy

Nanampy Azy ny herin-tsandriny.

Ka dia hitan'ny firenena

Ny famonjena amam-pahamarinany,

Mba tsarovy, ry Israely,

Ilay fitiavany tsy mivadika.

2.- He zahao ê, ry vazan-tany,

Izato vonjin'Andriamanitra.

Ô ry tany, derao ny Tompo

Ka mientàna amin-karavoana.

'Ndao antsao am-baliha ny Tompo,

Anaovy antsa sy fihobiana

Feon'antsiva sy anjomara

Enti-midera ny fiandrianany.

3.- Aok'hidoboka anie ny rano,

Ny ranomasina sy ny mponiny ;

Ka hitehaka anie ny ony,

Hitotorebika koa ny vohitra !

Mba hitsena ny Tompo tamy

Hitsara ny olona tsy an-kanavaka ;

Ary hitsara ny firenena

Am-pahamarinana sy ara-drariny.

4.- Andredony antsa vao ny Ray.

Fa mahagaga ny zava-bitany !

He ny Zanany no maneho

'Lay famonjena efa nosoritany.

Ny Fanahiny manan-kery

Afa-manentana antsika zanany

Hanambara amin-kasahiana

Ilay fitiavany tapitr'ohatra !

Tsy misy afaka hanompo Tompo roa (Hasina p.211)

Tsy misy afaka hanompo tompo roa

Dia Andriamanitra sy ny vola ;

Tsy misy afaka hanompo tompo roa

Dia Andriamanitra sy ny harena.

1 - Ry olon-drehetra, samia mba mihaino,

Henoy re, ry mponin'ny tany tontolo

Na olona tsotra na olona ambony,

Na manankarena na ny malahelo.

2 - Fa anatra soa no ambarako anao

Dia teny miloatra vy amin'ny foko :

Henoy ny hain-teny hilazako azy anao,

Valiha no hiritsoka izany aminao.

3 - Nahoana aho moa no hatahotra loza,

Hihevitra hoe tsy ho tafarina intsony ;

Ireo fahavaloko mirehareha

Fa manana ka manontany ny ory.

4 - F'angaha misy olona mahavo-tena

Na hoe afa-mahaloa tamby amy Tompo :

Satria lafo loatra tokoa ny avotr'aina,

Tsy voavidim-bola na oviana na oviana.

5 - Ahoana àry no hahavelomany hatrany,

Ka hoe tsy hahafaty azy mandrakizay?

Jereo fa na dia ny olon-kendry aza maty,

Ireo tsy ampy saina dia torak'izany.

6 - Ny haren'izy ireny nankaiza avokoa?

Tsy maintsy navelany ho lovan'ny hafa;

naniry izy honina mandrakizay,

Kinanjo ny anarany sisa tavela.

7 - Isaory àry ilay Andriamanitra Tompo,

Ny Zanany efa nandray Fanjakana,

Fanahiny kosa hanamasina antsika :

Ho mendrika hanompo Azy marina isika.

Fanolorana: Miara-manolotra amin'i Jesoa
(Hasina p. 783)

Raiso re, ry Andriamanitra o
Na dia tsy lavorary aza

1. Miara-manolotra amin'i Jesoa
Ho fankasitrahana ny asantsika

2. Miara-manolotra amin'i Jesoa
Ho fankasitrahana ny fiainantsika

3. Miara-manolotra amin'i Jesoa
Ho fankasitrahana ny androntsika



Fisaorana: Mendrika hisaorana (Hasina p. 781)

Mendrika hisaorana e e, lanao Andriamanitra

Andriamanitry ny tany tontolo ô, namonjy anay e

E e e, mendrika hisaorana

E e e, mendrika hisaorana

1- Andriamanitry ny tany tontolo ô,
mendrika hisaorana

E e e, mendrika hisaorana

Anao no Tompon'ny raha jiaby e,
mendrika hisaorana

Anao no Tompon'izao tontolo ô,
mendrika hisaorana

Nenti-mamelôgno raha jiaby e,
mendrika hisaorana

2- Andriamanitra Andriananahary e,
mendrika hisaorana

E e e, mendrika hisaorana

Hitanay ny fitiavanao ô,
mendrika hisaorana

Nomenao ny Zanakao ô,
mendrika hisaorana

Niara-nijaly taminay e,
mendrika hisaorana

3- lanao no Tompon'ny tany rehetra e,
mendrika hisaorana

E e e, mendrika hisaorana

lanao ilay mandrakizay e,
mendrika hisaorana

Tsisy raha tsy avy aminao ô,
mendrika hisaorana

Mandrakizay ny fitiavanao ô,
mendrika hisaorana

Fanirahana: Fantatrao ry Reny tsara (Hasina p. 112)

Fiv:

Notre-Dame des vocations,

Manjakavavin'ny Apôstôly.

Ampitomboy ireo pretra

Sy ny relijiozy teratany:

Ampitomboy ka hamasino)

Ho voninahitr'i Jesoa Zanakao) (indroa)

1- Fantatrao, ry Reny tsara,
Fa ny Nosy Madagasikara
Dia natolotra sy nomena anao,
Ka ekeo izao vavakay izao.

2- Mbola vitsy, mbola vitsy loatra
Ny mpijinja eto aminay,
Nefa ny vokatra marobe tokoa,
Ka ekeo ny vavakay izao.

3- Ny mpanota mila fibebahana,
Ny marary mila famonjena,
Ny kristianina mila mpankahery,
Ka ekeo izao vavakay izao.



MESSE DU SAMEDI 12 MAI

**Fidirana: E Faly mihoby sy mankalaza Anao
'zahay Ray o (Hasina p.435)**

**Fiv: E faly mihoby sy mankalaza Anao
'zahay Ray ô**

**Ho Anao irery ny haja sy dera
'Ndreto izahay miantsa sy mihira ho Anao
Ho Anao irery ny voninahitra**

1- Ny feonay Ray ô (2), atolotray mba
hiderana Anao!
Ny fonay Ray ô (2), atolotray mba hitiavana
Anao!

2- Ny andronay Ray ô (2), atolotray mba
hanompoana Anao!
Ny fiainanay Ray ô (2), atolotray mba ho
voninahitrao!

3- Ny hevitrany Ray ô (2), atolotray mba ho
an'ny sitrakao!
Ny herinay Ray ô (2), atolotray mba ho
voninahitrao!

4- Ny vavakay Ray ô (2), atolotray mba ho
fisaorana Anao!
Ny asanay Ray ô (2), atolotray mba ho
voninahitrao!

Fifonana : Fantatrao, Ray ô

1- Fantatrao, Ray ô, izay nafeniko hatrizao
dia ny otako rehetra tao anaty foko tao :
nosaronako, naleviko tsy hisy mpahalala !
Fantatrao, Ray ô, izay nafeniko hatrizao
Koa inty aho tonga fa niantso ahy ianao :
Izany fahotako izany no ateriko Aminao (*in-2*)

2- Fantatrao, Ray ô, izay nataoko taminao
Endrikao tsy nojereko, Teninao tsy nohenoiko
sy ny fiainako laniako tsy araky ny sitrakao !
Fantatrao, Ray ô, izay nataoko taminao
Koa inty aho tonga fa niantso ahy ianao :
Izany hadisoako izany no ifonako Aminao (*in-2*)

Salamo: Mitehafa tanana (Hasina p.210)

al. 46)

(Mitehafa tanana)

Mitehafa tanana,

Miderà an'Andriamanitra;

(Fa ny Tompo avo indrindra

Fa ny Tompo avo indrindra

Tolory hobim-pifaliana.

1-Derao ilay nahary antsika e,
Derao ny Andriamanitsika e
Derao ilay namonjy antsika e,
Derao ny Andriamanitsika e
Derao ilay nandal Hobio ilay nifidy antsika e, hobio...

2- Hobio ilay nitia antsika e,
Hobio ny Andriamanitsika e,
Hobio ilay niantso antsika e, hobio...

3-Hirao ilay tokintsika e,
Hirao ny Andriamanitsika e,
Hirao ilay herintsika e, hirao...
Hirao ilay fiainantsika e, hirao...

4-Tompoy ilay Mpanjakantsika e,
Tompoy ny Andriamanitsika e,
Tompoy ilay mpiaro antsika e, tompoy...
Tompoy ilay Tompontosika e, tompoy...
a antsika e,

Aleloia: ALELOIA VONINAHITRA (Hasina p.644)

Aleloia, voninahitra

Aleloia, ho an'Andriamanitra

Aleloia, zay nanangana

Aleloia, an'i Jesoa ho velona

Zava-mahagaga no hitan-dry Maria
Fasana foana sy vato mikodia
Anjely fotsy maniraka hitory
Velona indray i Jesoa 'lay novonoina (2)

Aleloia, ataovy antso avo

Aleloia, ifampilazao

Aleloia, Jesoa lay nalevina

Aleloia, natsangan'ny Tompo



Rakitra: Entanin'ny fiombonana

Zahay ankizy Katolika, maneho hafaliana
Voairaka, hitory Vaovao Mahafaly e
Ireo namanay, izay mbola variana
Tianay mba ho Misionera, hanaraka anay (in-2)

Ianao Jesoa nilaza hoe, avelao ny Ankizy re
Hanatona Ahy... iehehe...hanatona Ahy

**Fiv: Entanin'ny fiombonana, isika no
Fiangonana**

Entanin'ny fifankatiavana,

Jesoa Zoky no fitiavana

Rankizy namako ô, andao hiara-dia

Miaraka amin'ilay Reny Masina Maria

Hanara-dia an'i Kristy

'Zahay ankizy Katolika, maneho fahasahiana
Hijoro hatrany, amin'ny finoanay e
Ho tia vavaka, ho feno Fahendrena
Ho fitaratra hatrany, amin'ny fiainanay

Mpanentana: Isika rehetra rehetra miara-dia
amin'i Masina Maria Renintsika
Izy no hitondra antsika mankany amin'i Kristy
Jesoa (tononina amin'ny feo avo)

Daholobe: Ndao e, ndao e, hiara-dia isika e!
Ndao e, ndao e, hiara-dia andao eeeeeee!

Fanolorana: Indro atolotray Aminao ry Tompo

1- Indro atolotray Aminao ry Tompo ô ô,
Ny fanatitra avy aminay e.
Raiso re raha sitrakao ry Tompo ô ô
Fa tantely tapa-bata e.
Ny fiainanay , eny re, tsy takona afenina Aminao
Ny adim-piainanay, eny re, hitanao ry Zanahary
Ka dia entinay tsisy afeninay,
Eo an-tananao re ry Ray ô
Zay mba vitanay, ny hasasaranay
Enti-misaotra Anao re ry Tompo ô.

Indro atolotray re ry Ray ô
Raiso eo an-tananao izy ireto
Aza ny hakelezany Ray ô

Fa ny fitiavana asandratray e e! Eny re!

**Amin-karavoana no anolorana azy
Amin-karavoana tokoa tokoa no anolorana azy
Amin-kafaliana, sy amim-pitsikiana
Amin-kafaliana sy amim-pitsikiana no anolorana
azy**

2- Indro atolotray Aminao ry Tompo
Indro atolotray Aminao ry Tompo ô ô,
Ny fanatitra avy aminay e.
Raiso re raha sitrakao ry Tompo ô ô
Fa tantely tapa-bata e.
Io ny tenanay , eny re, tsy takona afenina Aminao
Io ny otanay, eny re, hitanao ry Zanahary
Ka dia entinay tsisy afeninay,
Eo an-tananao re ry Ray ô
Zay mba vitanay, ny hasasaranay
Enti-misaotra Anao re ry Tompo ô.
Indro atolotray re ry Ray ô
Sorona lavorarin'I Jesoa
Vatana alatsa-dra re ry Ray ô
Sorom-pitiavana iainanay e e! Eny re!

Masina, masina, masina!

Ny Tompo Andriamanitry ny hery rehetra.
Feno ny voninahitrao re ny tany aman-danitra e.
Hôzàna any amin'ny avo indrindra. (Masina)
Hosoavina anie 'lay avy amin'ny anaran'ny Tompo.
Hôzàna any amin'ny avo indrindra. (Masina)

Anamnèse: Nitsangana tamin'ny maty

Nitsangana tamin'ny maty

I Jesoa Mpamonjy antsika

Koa mifalia, Aleloia.

Nandresy ny fahafatesana
I Jesoa Zanak'Andriamanitra, Aleloia.
Ka indro Izy fa natsangana
Tolorana fahefana, Aleloia.
Fa Izy no Fananganana
Hamelona antsika indray, Aleloia.
'Lay Tompon'ny fiadanana
Miseho eto anivontsika, Aleloia.

Notre Père qui est aux cieux



Fiadanana: Homba antsika mianakavy anie ny fiadanana

1. Homba antsika mianakavy anie ny fiadanan'i Kristy e (inefatra)

***Fiadanana, Fiadanana,
Fiadanan'i Kristy Fiadanana mandrakizay.***

2. Hampifankatia antsika anie ny fiadanan'i Kritsy e (inefatra)

3. Hanjaka ao ampontsika anie ny fiadanan'i Kristy e (inefatra)

Zanak'ondry: Ry zanak'ondrin'andriamanitra ô

1- 2 Ry zanak'ondrin'andriamanitra ô
Zay manala ny fahotan'izao tontolo izao
Mamindrà fo aminay e (in-2)

3 Ry zanak'ondrin'Andriamanitra ô
Zay manala ny fahotan'izao tontolo izao
Omeo fiadanana izahay e (in-2)

Kominio: Tompo ô zany hafaliako

Fiv : Tompo ô, 'zany hafaliako

Zanakao nantsanganao e;

I Kristy no ato amiko :

Velona aho fa velona izy (in-2)

1- I Kritsy no masoandro be, hazavana avy aminao, ry Ray,
Izahay no toy ny tarany manazava izao tontolo izao.

2- Faniriana ny ho velona, vetsovetso ny ho sambatra ;

I Kristy no be fitiavana, Izy monina ato am-ponay.

3- Tia Anao 'zahay fa zanakao, Rainay tsy mbola hitanay

I Kristy eto afovoanay no mitaona anay ho Aminao



Fisaorana: Lucien BOTOVASOA OLONTSAMBATRA

1- Velo-pisaorana izahay ka mihoby amin-kafaliana Anao Zanahary Abanay e
Tamin'ireo soa zakabe e, nafafinao tamingne fiangonanay e
Da tsy ho hainay gnidoboky amin'izao tsy hisaotra Anao tamigne mamandratanao
Olontsambatra an'I Lucien izao
Da lehibe tokotry e fitiavanao ro Aba, Misaotra Anao zahay e

**Fiv: Ino o, ino ito agny e,
Vaovao tsara vaovao magneva
Da sambako hita te Matatagna tetoa
Fanandrat(ana) Olontsambatra akoran'ittoa
Lucien Botovaso, mivavaha hoanay taranakao o,
Mba hanjaka eto aminay tokoa, gne fifankatiavana napetrakao o**

2-Lehilahy tsotra da nafana fo tami(n'ny) fanompoana gne fiara(ha) monina
Indrindra tamin'ny fiagnonana i Lucien
Ka da nampianariny anay aby e, ny ara-batana, ara-tsaina indrindra ny ara-panahy e
Nalagnony ho iraiika tokotry iay, tsisy navakavahany aby, indrindra e mahantra
nifanena tamin'Azy
Da nafafoiny ho faty ndre da gn'ainy e, hagnavotana anay sy gne Tanindrazany e.

3-Jesoa Kristy nahafoy ny ainy, Izy nataony ho modely nandritra ny
androm-piaignany e
Da teo avao koa gne fagnaja laligna tao am-ponye, an'i Masina Maria Reniny tsy
foiny e
Ndre da teo gne fahavalo nagnano teti-dratsy ka te handratra sy te hamono an'azy e
Da tsy nisalasala, tsy natahotra Izy e, ka nivavaka heky alohan'ny ahafaty an'Azy e!

Fanirihana: Aterinay anatrehanao Reny

1 Aterinay anatrehanao, Reny,
Ny saotra ataon'ny fonay aminao:
Arovinao izahay mbola osa
Fa mandry izay miankina aminao.
Raha izahay sendra mivily lalana,
Ka hosimbàn'ny tafik'i Satàna:
Reny miantra, atreho izahay e,)
Ny tananao no mahafaka anay.) (indroa)

**Tompovavin'ny Malagasy,
Mamindrà fo aminay zanaka,
Ianao no tsaroanay ao am-ponay,
Amin'ny andro ratsinay:
Mba vonjeo 'zahay, Virjiny,
Reny mora fo sy miantra, Virjiny miantra.**
2 Ianao any no mahita ny rofy
Hanjò anay sy handrendrika anay;
Sakano re izy, Reny mahery,
Fa fantatrao ny fahellemenay.
Maro izay mitaona anay hiala
Ao aminao sy amin'ny Eglizy;
Tano 'zahay, Maria mpamindra fo,)
Fa ny fonay tsy mahafoay anao.) (indroa)



DIMANCHE 13 MAI : MESSE D'ENVOI

Fidirana: Nifidy ahy ny tompo

Nifidy ahy ny Tompo hitondra famonjena
Ny vaovao mahafaly hambara eran-tany

Reko ny Fanahy mibitsika hoe:

'Reto misy olona atokàny mba ho ahy,

Tiako sy tendreko hamonjy ny ory:

Aoka izy ireo ho vonona handeha

Nanokana ahy ny Tompo ho mpiara-miasa aminy
Ho olona amborahany 'reo tsiambaratelsony

Naniraka ahy ny Tompo, nanafatra ahy hoe:
Ataovy tonga mpianatro ny olona rehetra.

Fifonana : Natsangan-dRae (dRay) ho zandrinao añay

1 Natsangan-dRae ho zandrinao añay,
Mba iombon-kafaleana aminao.

Añay e ro tsa niteno raha:

Amy fivoarana sahaza ny maha-zanaka.

Tompo ô, mamindrà fo aminay.

2 Efa iray lalaña aminay añao,
Resinao tokoa ny fahafatesana.

Añay e vona misalasala:

Tsa natoky (ny) taroña sy ny hafatsao.

Kristy ô, mamindrà fo aminay.

3 Natolotsao ho anay ny aiña,
Izay tokoa ro fara fitiavana.

Ny anay ny teña mady no fatatsay e:

Tsa tea maro, tsa te hiadañan'ny hafa.

Tompo ô, mamindrà fo aminay.

Voninahitra: Voninahitra anie ho Anao ry Tompo Mpahary

Voninahitra anie ho Anao ry Tompo Mpahary :
Ianao Andriamanitra ô, no Masina indrindra
Fiadanana ho antsika olombelona notiaviny
Fa nanehoany ny fara-fitiavavany

1- Midera anao izahay e
Mankalaza anao izahay e
Mitsaoka mihoby ny hasinao izahay e Misaotra Anao
'zahay e
Ry Tompo Andriamanitra ô

2- Ry Zanak'ondrin'Andriamanitra ô
Ry Tompo Andriamanitra
Manala ny fahotan'ny olona ianao
Afaho ny helokay e!
Ry Jesoa zokinay e!

3- Ianao irery no avo indrindra
Ry Tompo Andriamanitra
Ny haja sy ny voninahitra
Ho Anao mandrakizay e
Ry Tompo Andriamanitra ô

Salamo: Tahaka ny ray mangoraka ny zanany
Tahaka ny ray mangoraka ny zanany
No angorahan'ny Tompo
Ny olombelona matahotra azy.

1 Izy Tompo mahalala
Fa ny nahariana antsika e
Dia ny vovoka tsinontsinona,
Ka tsaroany fa osa ny nofo e.

2 Fa isika olombelona,
Voninkazo eny an-tsaha e:
Entin-drivotra, dia manjavona,
Toa tsy teto ambonin'ny tany e.

3 Masoandro mibaliaka
Ny fitiavan'izy Tompo ô:
Manazava 'zay tia azy,
Sy manilo hatrany ny taranany e.

4 Fihavanana no atolony,
Ka tiavontsika ny Tompo ô:
Ny fitia mifamaly
No mahatsara fihavanana e.

5 Na mpanota ny olombelona,
Tsy atosik'izy Ray e,
Tsy arahiny hadalana,
Fa antsoiny hiarina indray e.

6 Ny aretina hositrany,
'Zany aina hotahiny e,
Ny fitiavana hovelominy,
Hanatonantsika azy Ray e.

7 Voninahitra ho anao,
Zanahary Rainay e,
Fantatrao fa izahay
Tsy mahavaly fitia toa zaza e.

Aleloia: aleloia teny mahatoky tokoa izao teny izao
aleloia

Ry Tompo Andriamanitra ô



Credo : Récité en français

Ranombavaka: Tsy ho very mandeha

Tsy ho very mandeha 'zay rehetra mifefy aminao.

Rakitra

Hira 1: 'Zay anjakan'ny fitiavana

**'Zay anjakan'ny fitiavana, 'zay anjakan'ny fitiavana,
Anjakan'Andriamanitra, anjakan'Andriamanitra.**

1 Ny fitiavana an'i Kristy no manambatra antsika ho iray:

Aoka hientan-karavoana, hifaly ao aminy.

2 Hajao sy tiavo 'lay Andriamanitra velona:

Ny fifankatiavana enga anie hanjaka tokoa.

3 Satria fa mitambatra sy mivondrona ho 'ray isika,

Tandremo sao very indray 'zao firaisam-pontsika izao.

4 Ny ady, ny fifandirana, aoka re, atsaharo:

Kristy Andriamanitra enga anie hanjaka amintsika.

5 Enga anie izahay rehetra mba hiaraka hahita anao:

Toy ny olom-pinidinao re, ry Tompo Andriamanitra.

6 Dia hiara-ko sambatra ao amin'ny Fanahy Masina,

Atambatr'ilay fatoram-piadanana antenainay.

7 Haravoana tsy hita lany, tsy hisy hanala aminay,

No lova miandry anay ho an'ny taona mandrakizay.

Hira 2: Chorale mitambatra

Fanolorana: Amin'ny fo madio a, Baba

Amin'ny fo madio a, Baba,

No anoloranay e! Ireto fanatitray e!

Amin'ny fo madio a, Baba,

No anoloranay e! Ireto fanatitray e!

Ho fiderana anao, hisaoranay anao,

ia e e amin'ny fo madio ô amin'ny fo madio ô

1 - Anao Baba no anolorana,

'Ty mofo sy divay

Ho vatana ho ràn' i Jesoa

Ho tohim-pihavanana

Ho sorom-pitahiana

Ho a a Baba a

Anao any an-danitra

A Baba e.

2- Anao Baba no anolorana

Ny tenanay tontolo

Ny fikasana jiaby

Miaraka amin' i Jesoa

Ho jôro ho an'ny hafa

Ho a a Baba

Anao any an-danitra

A Baba e.

Anao Baba no anolorana,

Ny vokatry ny asa tany

Ny vokatry ny fiompiana

Ny vokatry ny asanay

Ny solom-bokatray

E ! a Baba !

-- Anao ao an-danitra ao !

-- A ! Baba e !

Anao Baba no anolorana

Ny fiombonanay

Ny ezaka fampivoarana

Izay tsara mba vitanay

Maharavoravo anay

E ! a Baba !

-- Anao ao an-danitra ao !

-- A ! Baba e !

Masina

Masina, Masina, Masina à !

Ny Tompo Andriamanini try ny Hery rehetra.

Feno ny Voninahitrao ny tany aman-danitra,

Hozàna, Hôzàna, ho an'ny Avo.

Hosoavina anie ilay avy amin'ny Anarany, (in-2).

Anamnèse: Récité

Notre Père: (Exo)

Notre Père,

Qui es aux cieux

Que ton nom

Soit sanctifié

Que ton règne

Vienne

Que ta volonté soit faite

Sur la terre comme au ciel

(Comme au ciel)

Donne-nous

Notre pain

Aujourd'hui

Et demain

Pardonne-nous

Nos offenses

Comme nous les pardonnons

À tous ceux

Qui nous ont offensés

Ne nous laisse pas

Entrer en tentation

Mais délivre-nous du mal (x2).

Car c'est à toi qu'appartiennent

Pour les siècles des siècles

Le règne, ta puissance

Et la gloire



Fifandraisan-tanana: Fiadanana nentiny iny

1. Fiadanana nentiny iny e, e
Fiadanana lavorary a, a
Fiadanana lavorary avy amin-Janahary,
Fiadanana ho antsika.
2. Ny fifankatiavantsika e, e.
Fitiavana lavorary a, a
Fitiavana lavorary avy amin-Janahary,
Fitiavana ho antsika.
3. Ny lanitra ho antsika e, e
Dia lanitra lavorary a, a
Lanitra lavorary avy amin-Janahary,
Lanitra ho antsika.

Zanak'ondry: Hery

Zanak'ondrin'Andriamanitra ô !
Izay manala ny fahotan'izao tontolo ô !
Mamindra fo aminay e!(in-2)

Zanak'ondrin'Andriamanitra ô !
Izay manala ny fahotan'izao tontolo izao !
Mamindra fo aminay e!(in-2)

Zanak'ondrin'Andriamanitra ô !
Izay manala ny fahotan'izao tontolo izao !
Omeo fiadanana izahay e! Omeo fiadananao
izahay e!(in-2)

Hira komonio

Hira 1: Hiran'ny tanora: Te hahita an'i

Jesoa izahay

1- Tsy ho afa-po izahay raha tsy eo anilany
Hibanjina azy Jesoa
Fa tsy tonga lafatra ny ety an-tany ety
Ka roso izahay
Faniriana lalina tsy hay sakanana
Miredareda ao am-po
No manentana anay tanora hiara-dia
Hanao izao hira izao
Te-hahita an'i Jesoa izahay
Izy no lalana sy fahamarinana
Te-hahita an'i Jesoa izahay
E e e, Izy no fiainana

2- Ny andavanandrom-piainanay, ny
fivavahanay
Ny Tenin'Andriamanitra
Ireo no itadiavanay sy ibanjinanay
'Lay Endrik'i Jesoa
Ao amin'ny Eokaristia sakafo mampiray
Mari-pitiava-namana
Ao amin'ny madinika sy ny mahantra
No isehoany
3- Fantatray fa sarotra na fijaliana
No mbola hiaretanay
Fa tsy maintsy maty moa ny voa afafy
Raha tiana hamokatra
Eo i Masina Maria 'lay tena mahalala
An'i Jesoa tadiavinay
Ankininay aminy izao fiainanay izao
Ho tody soa izahay.

Hira 2: Ato amiko ny fanahy

1. Ato amiko ny Fanahy, ny Fanahin'ny
Tompo,
Fa nanosotra hitory vaovao mahafaly
Amin'ny malahelo sy naniraka ahy
Hankahery izay torotoro fo.

***Ampio aho, tantano am-pitiavana aho,
Jesoa o.***

***Fa raha ny heriko ihany dia ho kivy
an-dalana aho***

***Hanatontosa ny irakao no mamiko
Fa omaly, anio ary mandrakizay
Tsy miova ianao, Jesoa o.***

2. Ato amiko ny Fanahy, ny Fanahin'ny
Tompo,
Hitoriako fahafahana amin'ireo izay voafatotra
Fahiratana ho an'ny jamba ary koa fahafahana
Amin'ireo izay ampahoriana
3. Ato amiko ny Fanahy, ny Fanahin'ny
Tompo,
Mba hampionona izay tra-pahoriana rehetra
Ao anatin'ny fanompoana sy fandavan-tena
Am-pitiavana hatramin'ny farany



Hira 3: 'Reo tsy mahalala anao

1 'Reo tsy mahalala anao
Na minia tsy mino anao e
No iantsoanao ahy
Anirahanao ahy.

**Fiv: Koa inty aho, Tompo ô,
Mamaly ny antsonao e**
Hanambara ny finoana e
Amin'ny olona rehetra maminao.

2 'Reo anaty aizim-pito e
Mamoy fo indrisy
No iantsoanao ahy
Anirahanao ahy.

Fiv: Koa inty aho....
Hanambara fahazavana e
Amin'ny olona rehetra maminao.

3 'Reo mahantra sy kamboty e
Toa tsy misy mpahalala
No iantsoanao ahy
Anirahanao ahy.

Fiv: Koa inty aho,...
Hanambara famonjena e
Amin'ny olona rehetra maminao.

4 Ny olombelona rehetra e
Mitady anao hatraiza
No iantsoanao ahy
Anirahanao ahy.

Fiv: Koa inty aho....
Hanambara anao doria e
Amin'ny olona rehetra maminao.

5 'Reo tsy tia anao ety e
Na ireo manadino anao e
No iantsoanao ahy
Anirahanao ahy.

Fiv: Koa inty aho....
Hanambara ny fitia e
Amin'ny olona rehetra maminao.

6 'Reo mijaly sy olon-dresy e
Miaritra ny ngidim-piainana
No iantsoanao ahy
Anirahanao ahy.

Fiv: Koa inty aho....
Hanambara ny indra fo e
Amin'ny olona rehetra maminao.

Fisaorana: Matoa gn'olo mifiopioka
Matoa gn'olo mifiopioka ie, te hiantsa 'zay e
Fa gny soa nataonao anay lako 'zay e
Tsy voho nandroany falia nainay e
Misaotsa e, misaotsa anao Baba,
Misaotsa Anao gn'havorohotanao

1. Gn'ainay, maminay io, soa bak'aminao
K'ataonay ahoa gny tsy hisaotse Anao
Misaotsa Anao, Misaotse Anao, bevata gny vitanao

2. Mbao nirahinao bakao gnanaky tokanao
K'ataonay ahoa gny tsy hisaotse Anao
Misaotsa Anao, misaotse Anao, lisatsy lehe zao

3. La mbo igny najotsonao gny Fagnahinao
K'ataonay ahoa rolahy gny tsy hisaotse Anao
Misaotsa Anao, misaotse Anao, lako gn'hateanao

Fanirahina: Ave Maria (Glorious)

Je te salue Marie comblée de grâce
Le Seigneur est avec toi
Tu es bénie Marie entre toutes les femmes
Et Jésus, le fruit de tes entrailles est béni

Sainte Marie, Mère de Dieu
Oh prie pour nous, pauvres pécheurs
Dès maintenant et jusqu'à l'heure
De notre mort AMEN

Ave Maria (x9)

Je te salue Marie comblée de grâce
Le Seigneur est avec toi
Tu es bénie Marie entre toutes les femmes
Et Jésus, le fruit de tes entrailles est béni

Sainte Marie, Mère de Dieu
Oh prie pour nous, pauvres pécheurs
Dès maintenant et jusqu'à l'heure
De notre mort AMEN

Ave Maria (x16)

Ave Maria (x9)



Hira Faneva : FIDIO JESOA

- 1- Ny fahendren'Andriamanitra dia lehibe
F'Azy irery ny fahefana sy ny hery
Saingy tsy noesoriny ny fahafahan'ny olombelona
Hisafidy izay lalàn-kombany amin'ny fiainana

- 2- Ny mason'ny Tompo amin'izay matahotr'Azy
Ny asan'ny olombelona hainy avokoa
Fa tsy misy nodidiany ho tsy tia fivavahana
Ary tsisy olona nomeny lalàna hanota

- 3- Ny « enin'i Jesoa sy Maria » no ohatra ho antsika
Dia ilay « ENY » nanaiky an'Izy Ray an-tsitra-po
Ka nanao ny sitra-pony tao anatin'ny fahalemena
Fa nitondra famonjena ho an'ny olona tia azy.

Fiverenana :

Fidio Jesoa fa Izy no fiainana
Mba ho velona ianao sy ny taranakao (Deut 30 : 19b)
Miadia ny ady tsaran'ny finoana
Ary mahazoa ny fiainana mandrakizay (x 2)

Auteur/Compositeur: Jean-Jacques RANDRIANARIMANANA



Prises de notes

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....



.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....

.....



Bureau National ANCMF 2016 - 2019

Aumônier: P. Alphonse ZAFIMAHAKOKO

Accompagnateurs spirituels des jeunes: P. Nirisoa MAHAVORINIAINA et Fara RASOLOJAONA

Coordinateur national : Patrick RAKOTONARIVO

Vice-coordinatrice : Hasina RAMBOLA

Secrétaire: Anna RADAOROZANDRY

Trésorier : Christian Bila RAKOTONDRATIANA

Responsable Communication: Adrien RIVO...

Responsable Olombaovao: Jocelyn RABARIJAONA

Responsables des Jeunes ANCMF: Christina RATSIMBAZAFY et Tojo RADIMY

Coordinateur de la région Nord: Jonathan ANDRIAMIJOROSOA

Coordinateur de la région Est: Laza ANDRIARINOSY

Coordinateur de la région Sud:

Coordinateur de la région Ouest: Dannie RAZAFIMAHANDRY



"J'AI MIS DEVANT TOI LA VIE ET LA MORT, CHOISIS LA VIE AFIN QUE TU VIVES!" (Deut. XXX.19)

ZAİKABE 2018. 11 - 12 -13 Mai 2018. Lourdes

